www.gazetiko.mg

# Gazetiko

Laharana 7830 Taona faha-25 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 25 martsa 2024

## MAHAJANGA 4

# SAIKA HANINDRONA ANTSY POLISY MATY VOATIFITRA

## MARINA IZANY ! 6

### FITIAVAN-TANINDRAZANA !

## TANTARA AN-TSARY 2



### HISOLO TENA NY MALAGASY ANY COTONOU I CATMOUSE JAMES

## CHRISTINE RAZANAMAHASOA 6

# "TSY IZAO NO NIFANARAHANA TAMIN' NY TOLONA NATAO 15 TAONA LASA IZAY"



(Sary Kelly R.)

## MBIKE 8



### NAMORONA NY BISIKILETA VITA MALAGASY

## NIFIN'AKANGA 9

# MAHAZO VAHANA NY KOLONTSAINA MIKASIKA NY FIRAISANA MAMOAFADY

## Pasi pasi 11

### RANDRIANARISOA FRANCIA



### FIAINAN'IZY MIANAKAVY NY FANAOVANA FANATANJAHANTENA






Tantara an-tsary sy sary itatra

# Hisolo tena ny Malagasy any Cotonou Benin i Catmouse James

*"Avatars sy ny maha-izy azy amin'ny tantara an-tsary eny amin'ny firenena mampiasa ny teny frantsay (Ny taranaka vao misondrotra)" no lohahevitra. Lohahevitra mifanandrify tsara amin'ny endrika isehoan'ny sanganasana fanaon'i Catmouse James.*

Hanomboka ny 27 ka hatramin'ny 30 marsa any Cotonou, Benin, ny fihaonamben'ny mpanao tantara an-tsary sy ny sary itatra andiany faharoa. Ny hetsika dia tafiditra ao anatin'ny tetikasa "Ressources éducatives" any Benin. Dinah Rajemison Ramanoara, fantatra amin'ny anarana hoe Catmouse James, amin'ny maha mpanakanto azy no hisolo tena ny mpanakanto malagasy mandritra ity fihaonam-be ity. Voasa hanatrika izany ihany koa ny avy any Soisy, Frantsa Canada, Kamerona, Togo sy mpanakanto tanora vao misondrotra 4 hafa misehatra amin'ny tantara an-tsary sy sariitatra, noho izy ireo antoky ny fampiroboroboana ny tontolon'ny sary. Lohahevitra maro no hiompanan'ny fihaonam-be ka anisan'izany ny dinidinika ambany tafontrano sy fifanakalozan-kevirta, fihaonana eo amin'ny samy matihinina amin'ny tontolon'ny sary, fijerena horon-tsarimihetsika, atrikasa maro samihafa, fifanakalozan-kevitra sy fizarana traikefa. Hasongadina mandritra ity fihaonana ity ihany koa ny fampirantiana hiarahana amin'ny hetsika "Quai des Bulles" ho fanentanana ny tantara an-tsary manerana izao tontolo izao. Izany rehetra izany dia handraisan'ireo tanora vao misondra anjara mavitrika avokoa. Amin'ity andiany faharoa ity dia miompana indrindra amin'ny lohahevitra hoe "Avatars sy ny maha-izy azy amin'ny tantara an-tsary eny anivon'ny firenena mampiasa ny teny frantsay (ny taranaka vao misondrotra).



**Tsy ny sanganasa ihany no haranty fa eo dia eo koa ny fampisongadinana ny kolontsaina sy ny kanto malagasy.**

Lohahevitra izay mifanandrify tsara amin'ny endrika isehoan'ny sanganasana fanaon'i Catmouse James. Amin'ny fotoana tahaka itony ihany koa no hampahafantarana an' i Madagasikara amin'ireo firenena hafa ka tsy ny sanagasany ihany no haranty fa eo dia eo ny fampisongadinana ny kolontsaina sy ny kanto malagasy.

**Manana ny maha izy azy**

Marihina fa tsy vao izao i Catmouse James no nandray anjara tamin'ny hetsika lehibe tahaka izao. Anisa'ny nanasongadina azy teo amin'ny tontolon'ny sary itatra sy ny tantara an-tsary ny nahazoany ny loka « Prix Cyclone » ny taona 2023 lasa teo iny. Tamin'izay fotoana izay no nitondrany ny sangansany "Ary ; Tome I Les Yeux d'Isalo", navaoakan'ny tranom-pamokarana "Des Bulles dans l'Océan" . Nandritra ny Gasy Bulles tamin'ny 2016 no nanehoany ny boky "Ho avy an-tsary". Ny taona 2015 dia nandray anjara voalohany tamin'ny fampirantiana mikasika ny hetsika "festival de BD" tany Antsiaranana. Fa ankoatra izay dia maro ny toerana efa nampahafantarany ny talentany eo amin'ity tontolon'ny sary sy sary itatra ity ka anisan'izany ny " Festival international de la bande dessinée d'Angoulême" (Charente) tamin'ny taona 2023, "Salon de la bande dessinée" (Paris) tamin'ny 2021, « Salon du livre et de presse jeunesse de Montreuil » (Seine-Saint-Denis) 2018. Ny hetsika « BD s'affiche » tetsy amin'ny IFM, ny « Festival international de la BD » taty amin'ny Ranomasimbe Indianina tao Saint-Denis Larenion.

**Nangonin'i Tiaray R**

AFT Andavamamba

# Tafapetraka ny vato fototry ny trano vaovao

Mitombo isan-taona ny mpianatra sy ny mpikambana eo amin'ny foibe ara-tsaina sy kolotoraly frantsay malagasy etsy amin'ny "Alliance Française" Antananarivo, etsy Andavamamba. Nanapa-kevitra ny filankevi-pitantanana sy ny tomponandraikitra voalohany ao amin'ny Af Madagasikara fa hanangana toerana vaovao mba hahafahana manome fahafam-po ny mpikambana. Ity fotodrafitrasa vaovao ity dia tafiditra anatin'ny tetikasa fanitarana andiany faharoan'ny "Alliance Française" ary natokana ho an'ny sehatra kolotoraly sy artistika, ho fanohanana ny asa famoronana artistika eto an-toerana, fa eo ihany koa ny fanitarana ny toeram-pianarana sy ny famakiam-boky. Ny asabotsy teo no natao ny fametrahana ny vato fototra ho an'izay fanorenena vaovao izay. Olo-manakaja maro no tonga nanatrika izany tamin'io asabotsy io, nahitana ny Minisitry ny Raharahambahiny, Rasata Rafaravavitafika, ny Minisitry ny Serasera sy Kolontsaina Andriamananoro Augustin , ny Lehiben'ny Mpitahiry ny Fitomboky ny Fanjakana, Ranjeva Marcel, ny Tale jeneralin'ny Fanantontoloana, Kolontsaina, Fampianarana ary Fampandrosoana iraisampirenena anivon'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny frantsay, Aurélien Lechevalier, ny Masoivohon'ny firenena frantsay, Arnaud Guillois, ny Filohan'ny Filankevi_pitantanana ny "Alliance Française", Monique Raharinosy, ary ny Tale jeneralin'ny "Alliance Française" eto Antananarivo, Pierre-Alexandre Kubler.

**Hahazo tombony ny mpanakanto**

Raha tsiahivina dia ny taon-dasa teo no notokanana ny fotodrafitrasa ho an'ny fanitarana voalohany ny "Alliance Française" etsy Andavamamba. Noho ny fitomboan'ny tolotra dia voatery ka hanangana fotodrafitrasa voavoa izy ireo. Nambaran'ny Tale jejeranalin'ny "Alliance Française", Pierre-Alexandre Kuble, fa hahazo tombony amin'ity trano vaovao ity aorian'ny fahavaitany ny mpanakanto sy ny mpisehatra koltoraly. Hanana toerana manokana hahafahana miantrano ao izy ireo amin'ny fotoana ilana azy sy ho fanomanany amin'ny seho hataony. Hisy ihany koa ny efitrano hahafahana mandray vahiny. Araka izany dia ametrahana sy vatsiana fitaovana ara-kajimirindra manaraka ny toetrandro ny toerana. Orinasa maro moa no miaramiasa amin'ny AFT Andavamba amin'ny fanatanterahana ity fotodrafitra haorina ity, ahitana ny Masoivohon'i Frantsa eto Madagasikara, Telma Madagasikara, Fondation VISEO, Groupe Filatex, Fondation Axian, Société Générale Madagasikara, Groupe Sipromad, Etemad, BAOLAI. Nitondra teny fisaorana ho azy ireo ny Tale Jeneralin'ny Aft.




**Olo-manakaja maro no tonga nanatrika ny fametrahana ny vatofototra amin'ny fotodrafitrasa vaovao**

**Tiaray R**

Mozika klasika

# Seho miavaka atolotry ny "RE Ensemble" etsy amin'ny Havoria

Hetsika hanomezana fahafaham-po ny mpankafy sy tia mozika, indrindra ny mozika klasika ny fampisehoana karakarain'ny "Madagascar Mozarteum". Tsy izay ihany fa entina hampahafantarana ireo mpanakanto Malagasy mivoy ny mozika Klasika eto amintsika fa indrindra ho fampiroboroboana ity mozika ity izay efa maro mpisehatra tokoa amin'izao fotoana izao. Ny alarobia izao hanomboka amin'ny 01 ora antoandro dia ny tarika "RE Ensemble" no hitondra ny kantony etsy amin'ny Havoria Anosy. Manadrafitra ny tarika moa i Tiana Andrianina Ranantsoa, mpitendry lokanga (Violon ), Nomena Andrianasy mpitendry lokanga faha-2 (Violon 2), Mahefa Andriamanantsoa eo amin'ny Alto, Iavy Raobelosn mitendry Violoncelles, ary Mananjo Rabakason no hitendry ny Piano. Haharitra eo amin'ny 45 minitra eo ny fampisehoana ka amin'izao ankatoky ny fankalazana ny Paska izao sady ao anatin'ny herinandro masina dia inoana fa ireo hira manodidina izany no hatolotr'izy ireo ny mpankafy amin'io fotoana io. Tsy vao izao akory ny tarika Re Ensemble no nanolotra fampisehoana mozika klasika izao fa efa maromaro ihany. Tsy vahiny amin'ny mpanaraka ny hetsika itsony ry zareo. Ny fampisehoana moa dia ao anatin'ilay hetsika hoe "Concert Classique de Midi » izay efa mahatratra 146 izao ny anadiany efa vita ary ity seho hatolotry ny RE Ensemble ity no faha-147. Tahaka ny mahazatra dia tsy misy ny vidimpidirana ny hetsika saingy voafetra ihany ny toerana, ka rehefa feno dia mikatona ny varavarana. Ilaina, araka izany, ny fahatongavana mialoha mba hahafahana mahazo toerana tsara. Anisan'ny mpanohana ny hetsika moa ny Société Générale Madagasikara, Air France, Alliance française d'Antananarivo, Vision Madagascar ary ny ViMa Alpha Ciment S.A. Efa vonona ny tarika RE Ensemble hanolotra ny tsara avy any aminy fa ny mpankafy sisa no andrasana.



**Tiana Andrianina Ranantsoa (Violon1 ), Nomena Andriana sy mpitendry (Violon 2), Mahefa Andriamanantsoa (Alto), Iavy Raobeloson (Violoncelles), Mananjo Rabakason (Piano) mandafitra ny tarika RE Ensemble.**

**Tiaray R**

# Tafa....sika

Fayonne Armada

## "Samy Malagasy isika ka tsy tokony hifanavakavaka"

*"Ino zao ratsy nifanaovagna". Hira anisan'ny be mpijery sy mpanaraka ary manaparitaka indrindra ao anatin'ny tambajotran-tserasera. Tao anatin'ny iray andro nivoahany monja dia an'arivony maro ireo nijery azy manerantany ary marobe amin'izao ny manao "tik tok". I Fayonne Armada no namorona azy io. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*





***Gazetiko** : Tantarao kely ny lalana nodiavinao teo amin'ny sehatry ny mozika.

**-Fayonne Armada** : *Fayonne Armada no anarako. Izaho avy any Sambava fa nanomboka 2015 izaho no nipetraka teto Antananarivo. Ny taona 2017 aho no nanomboka nihira. Ny taona 2018 nisy hira niarahako tamin'i Wendy Cathalina hoe "Jombilo voatôra". Izay no nampiakatra ny lazako. Nanomboka teo aho no nahazo fifanarahana hiakatsehatra tsikelikely. Tamin' ny 2022 aho namoaka ilay hira hoe "Mamangia président". Niha nitombo ny olona nankafy ahy. Ary niakatra hatrany taorian'ilay hira vao navoakako hoe "Ino zao ratsy nifanaovagna".*

***Gazetiko*** : Hira anisan'ny be mpanaraka amin'izao ilay hira hoe : "Ino zao ratsy nifanaovagna". An'arivony no nanaraka vao nivoaka iray andro monja tamin'ny 8 martsa ilay hira. Marobe ihany koa ny "tik tok". Inona no antony namoronanao io hira io ? Efa nampoizinao ve hoe halaza io hira io?

**-Fayonne Armada** : "*Izaho tia mamoron-kira. Ny hirako miresaka ny fiaraha-monina andavanandro. Miresaka fanambadiana io hira io. Matetika ny avy any amin'ny sisin-tany (cotier) tsy tian' olona eto Antananarivo rehefa manambady, dia ohatra an'izay koa matetika ny olona eto tsy tian'ny olona any amin'ny sisiny. Ny tanjoko amin'io hira io izany ny hampitambatra antsika avy any amin'ny sisiny sy ny merina, mba tsy hisy hoe tsy afaka hanambady ity na ity. Satria ny olona any aminay any any amin'ny sisiny any izany rehefa hoe handeha ianao, ohatra handeha hianatra aty Antananarivo. Tenenin'ny olon-dehibe hoe aza manambady merina, manambady borizano na hova filazany aza, fa fady ny taranatsika ireny. Lazainy hoe maimbo, tsy misasa, tena lasa manaratsy be. Tsy haiko niavian'ny tany aloha tany. Ary matetika koa ny olona eto ! voateny hoe aza manambady olona avy any amin'ny sisiny ireny fa ireny tia bara, mitabataba anaty bus, tsy mahay miteny mora, manelingelina, … hitako tsy milamina tena tsy milamina. Rehefa hangataka vady eto ianao, dia lazaina fa tsy faka vady ny olona avy any amin'ny sisiny. Hitako mifanaratsy e! Dia nataoko ity hira ity sao mba hampiova ; satria hitako hoe tsy manjary ilay fomba fijery. Avy eo koa misy teny somary maherihery mivoaka rehefa misy olona mifanila trano, ohatra, ka mifamaly. Lasa mivoaka ny tsiambaratelo ao am-po ka hitako hoe misy teny mankarary fo mivoaka na andaniny na ankilany. Izany hoe antony namaranako ilay hira hoe "Atsika samy Gasy". Ny antony! Ny hampiray hina antsika. Tsy ampoizina hoe halaza ilay izy fa mamoaka fotsiny aho ».*

**-Gazetiko :** Inona no tsiambaratelon'ny fahombiazan' ny artista malaza raha ny fahitanao azy ? Inona no torohevitra omenao izay te hihira sy te halaza ?

**-Fayonne Armada** : "*Ny tsiambaratelo'ny fahombiazan'ny lamozika izany raha ny fahitako azy. Mila miezaka ianao rehefa tianao ny mihira. Mila mandeha trano fandraisam-peo, tsy hoe isan'andro fa rehefa misy fotoana mandeha miditra tany fandraisam-peo ireny. Dia mila mihaino hiran'olona ihany koa ianao mba hangalana aingampanahy. Dia rehefa tonga ihany koa ny aingam-panahy dia raisina feo haingana, fa rehefa ela ny ela tafavoaka foana.*

*Ny hevitra omeko, ho an'ireo izay te hihira sy te halaza dia mila manao zavatra tsara. Mila manao azy amin'ny fo, mila miezaka tsy mila kivy fa tsy tongatonga ho azy io. Rehefa miezaka ianao rehefa ela ny ela tsy maintsy malaza foana* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Faribolana Sandratra 35 taona sy volan'ny poezia

## Nihetsika avokoa ny mpikambana manerana ny faritra maro

Mitohy hatrany ny hetsika entin'ny mpiray faribolana ao amin'ny Sandratra mankalaza ny 35 taona niorenany. Mitohy ihany koa ny fankalazana ny iray volan'ny poezia, izay tanterahin'ireto mpandala ny literatira sady mpampiroborobo ny poezia sy ny tontolony ireto. Amin'ny ankapobeny dia maro ny hetsika notanterahin'ireo mpikambana saika manerana ny Nosy, noho ireo lanonana roa sosona ireo. Tetsy amin'ny efitrano malalaky ny CGM Analakely, ohatra, dia « Zara fanahy andiany manokana » no niarahan'ny mpikambana nankalaza ireo fety roa sosona ireo ny tolakandron'ny sabotsy teo. Nafana, mazava ho, azy ny fiarahana.

Ho an'ny mpiray faribolana tao an-drenivohitr'i Vakinankaratra indray, tao amin'ny Tranoben'ny Kolontsaina sy ny Serasera « Akon'Ankaratra » no nanatontosana ny hetsika. Tonga nanome voninahitra ny hetsika ny talen'ny kabinetran'ny Ministeran'ny kolontsaina, Atoa Ranarivelo Elisé, sy ny talem-paritry ny serasera any an-toerana. Tonga avokoa ireo mpiray faribolana manodidina, toy ny FS Mandoto, Betafo, Malama, Havatsa-Upem, Randramanohy. Narahin' ny kalokalon-dry Mami Basta, Ravaka (Zanandramavo).

Tany Ambatondrazaka ihany koa, nafana ny fankalazana notanterahin'ny mpiray faribolana ao amin'ny Sandratra Ambatondrazaka, izay notronin'ny talem-paritry ny kolontsaina Alaotra Mangoro.

Voalaza fa mbola hanatanteraka ny azy amin'ny tolakandron'ny alarobia izao kosa ny any Fenoarivo atsinanana. Hifarimbonan'ireo mpiray faribolana avy amin'iny ilany atsinanan'ny Nosy iny, izay niarahan-dry RMamy Olivier avy ao Vatomandry sy ny maro hafa.

**Nangonin'i Fy**

# Ry zareo vahiny

Kate Middleton

## Marary, voan'ny homamiadana



Niteraka resabe teo anivon'ny fianakavina mpanjaka ao Angletera ny fahasalaman'i Kate Middleton. Nandefa horonan-tsary tamin'ny tambajotran-tserasera nanamafy izany rahateo ity mpanjakavavin'i Angletera, 42 taona, ity fa mijaly noho ny aretin'ny homamiadana mahazo azy. Niditra hopitaly nandritra ny 13 andro tao amin'ny London Clinic rahateo i Kate Middleton ary efa nanaraka fitsaboana ny aretina homamiadana, dia ny « chimiothérapie ». Mbola tsy nilaza mazava kosa anefa izy hoe aiza amin'ny faritra eo amin'ny vatany no tratran'ny aretina homamiadana. Antenaina fa tsy maintsy hivoaka miandalana eny ihany ny momba izay tsy fahasalamana izay sy ny fivoarany.

**Nangonin'i Fy**


# PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-18)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, machine, TV, bisikileta, cahier, boky sns. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-9)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : E&E, 1er plan, 16ch T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-7)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-9)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard…Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-16)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-10)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 784/6-6)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 784/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 784/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-5)

Mahajanga

# Jiolahy saika hanindrona antsy polisy maty voatifitra

Lehilahy iray voalaza fa jiolahy no maty voatifitry ny polisy tany amin'ny faritr'i Mahajanga ny faran'ny herinandro teo. Efa handeha hisambotra azy ny polisy no nanohitra ralehilahy, satria saika hanindrona antsy polisy izy. Nanao fisafoana tany amin' ny faritra Tsararano kambilport, Anosikely sy kabaka masaka iny ny polisin'ny UIR tany an-toerana no nahita jiolahy efatra teo ampanatanterahana ny asa ratsiny. Nanatonana handeha hosamborina ry zalahy, kanjo nahatazana ireo mpitandro filaminana ka rafitra nandositra. Tafatsoaka tamin' izany ny telo lahy fa ny iray kosa, efa handeha hisambotra azy ny polisy ka namoaka antsy izy ary handeha hanindrona izany tany amin'ny mpitandro filaminana. Nanoloana izany dia voatery nampiasa ny fitaovam-piadiana teny aminy ity farany ka nitifitra azy. Naratra mafy ralehilahy ka nitarika ny fahafatesany izany.



Ilay lehilahy lavon'ny balan'ny polisy.

**Mpampihorohoro**


Araka ny fanazavana dia efa malaza mpampihorohoro ny mponina any amin' ny faritra Tsararano, any antoerana, mikasika ny asa fanendahana miharo fandrahonana amin'ny antsy ity maty voatifitra ity. Raha ny mikasika ireo namany tafaporitsaka indray dia efa fantatry ny polisy amin'izao fotoana izao ka mitohy ny fikarohana azy. Amin'izao ankatoky ny fankalazana ny fetin'ny paka ho avy izao dia manao izay ho afany ny polisy amin'ny fitandroana ny filaminana ho fiarovana ny vahoaka sy ny fananany.

T.H

Taolagnaro

# Ankizy tsy ampy taona 12 voasambotra tany anaty "bar" sy toeram-pandihizana

Ankizy tsy ampy taona 12 isa no voasambotry ny polisy tany amin'ny toerampandihizana telo sy toerampisotroana valo, tany Taolagnaro ny alin'ny 22 martsa lasa teo. Nandeha nanao fanaraha-maso tany antoerana ny mpitandro filaminana ka nandritra ny fisavana nataon'izy ireo no nahitana ireo zaza tsy ampy taona niditra tao anatin'ireo toerana voalaza ireo. Tsy afa-niala intsony ireo ankizy tra-tehaka tao ka nentina namonjy ny kaomisarian'ny polisy avy hatrany taorian' ny fisamborana. Teo anatrehan'izay ihany koa dia nampanantsoina nasiana nankany amin'ny biraon'ny polisy ny ray aman-drenin' izy ireo nampahafantarana ny adidiny araka ny voalazan'ny lalàna. Nilaza rahateo ny polisy fa adidy sy zo an'ny ray aman-dreny ny manara-maso ny zanany tsy ampy taona ary afaka miantso ny polisy mihitsy izy ireo amin'izany raha sanatria ka misy olona mitarika na manodinkodina anjanany handeha any amin' ny toerana tahaka ireo voalaza etsy ambony ireo. Fa etsy andaniny dia fantatra ihany koa fa voararan' ny lalàna ny fandraisana zaza tsy ampy taona eny amin'ireny toeram-pandihizana sy toeram-pisotroana ireny ka tokony tsy hampidirin'ireo tomponandraikitra ao amin'ilay toerana araka izany izy ireny. Mitohy hatrany ny hetsika ataon'ny polisy amin'ny fiarovana ny zaza tsy ampy taona.




Anisan'ireo ankizy tsy ampy taona voasambotry ny polisy.

T.H

Talatamaty

# Mpitondra môtô voadonan' ny fiara




Fiara sy môtô no nifandona teny amin'ny toerana akaikin'ny trano fisakafonana iray eny amin'ny fokontany Maibahoaka kaominina Talatamaty, omaly tokony ho tamin'ny 10 ora maraina ka naratra vokatr'izany ilay mpitondra môtô. Môtô scooter Yamaha GTR iray avy any Talatamaty izy io ary nandeha nihazo an'i Mandrosoa Ivato. Nisongona fiara iray teo alohany izy rehefa nandeha tamin'ny arabe lala-mahitsy iny. Tamin'io fotoana io anefa dia nidofotra tamin'ny fiara iray hafa nifanohi-dalana taminy io kodiaran-droa io. Nianjera araka izany ity farany ka nandratra mafy ilay mpitondra azy. Ankoatra ny faharatrana teo amin'ilay mpitondra môtô dia nahitana fahasimbana goavana ihany koa tamin'ireo fitaovam-pitaterana roa nifandona ireo. Nitangorona ny olona teo anatrehan'ny loza ary efa nisy nanatitra haingana namonjy tobim-pahasalamana notsaboina ilay mpitondra môtô naratra. Efa nisy nampandre haingana mikasika ny zava-niseho ny zandary avy ao Mandrosoa Ivato ka raha vao nandre mikasika izany dia nidina nidina tany amin'ilay toerana nisehoan'ny loza. Efa tsy hitan'izy ireo teo intsony ilay naratra tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo teny. Nilaza ny mpitondro filaminana fa noho ny fandehanana mafy sy tsy fitandremana no nahatonga ny loza.

T.H

Ambohidrabiby

# Omby avy nangalarina norasarasain'ny dahalo

Rehefa avy nangalatra omby ireo dahalo dia novonoiny izany ka norasarasainy, ary izay tsy nilainy navelany teo. Fatin'omby efa voarasarasa no hitan'ny olona tany amin'ny toerana iray tany Antorolava, fokontany Ambatondralambo, kaominina Ambohitrabiby, distrikan'Antananarivo Avaradrano, ny sabotsy lasa teo. Olona tany an-toerana no nahita izany ka nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany. Raha vao nahafantatra mikasika ny zava-niseho ireto farany dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana nanao fizahana ka araka ny filazan'izy ireo dia voamarina fa omby very tany Vakinampasika io hita novonoin'ny olon-dratsy io rehefa avy nangalariny. Nisehoan'ny fanafihan-dahalo mantsy tany amin'io toerana io ka omby no nalain'ireo olondratsy tamin'izany. Taorian'izay dia nitady toerana namonoany ny omby ireo dahalo ka ny nofon'omby rehetra no nalainy fa ireo ambiny kosa navelany teo ary efa nomena ny tompon'omby taorian'izay.

T.H

MANAL'AZY DE MI'MEME



Talatamaty

# Nofitahin'ilay rangahy tamin'ny trondro ilay ankizivavikely, dia naolany

*Nohidiny tao an-trano ilay ankizivavy dia nanamparany ny filan-dratsiny.*

Efa saika ho isan'andro mihitsy ity resaka fanolanana ity tato ho ato. Ankizivavikely iray tokony ho roa ambinifolo taona indray mantsy no voalaza fa niharan'ny fanolanana teny Fitroafana-Talatamaty, ny talata 19 martsa lasa teo. Araka ny fanazavana azo dia nisy rangahy naka trondro tamin'ny dobo teny an-toerana tamin'io ka nitangoronan'ny ankizy teo an-tanàna, ka anisan'izany ity ankizivavikely ity. Rehefa avy naka trondro tao anatin' ilay dobo ilay rangahy dia lasa nandeha ary navelany nitsimpona izay sisa tsy azony tao ny ankizy. Ity ankizivavy ity anefa no taraiky farany teo amin'ilay dobo, satria mbola nijanona teo foana izy na efa lasa aza ireo namany, satria mba tehahazo betsaka noho ny hafa. Rehefa hitan'ilay rangahy izany dia nantsoiny io ary nolazain'ilay rangahy fa homeny trondro.

**Eny Tsiafahy**

Tsy nisalasala ilay ankizy fa nanatona tokoa, kanefa fitaka nentin'ilay rangahy mba hiantsoana azy fotsiny. Nasainy niditra tao an-trano, ary rehefa tafiditra dia nohidiany ny varavarana. Norahonany tsy hiteny mafy na hiantso vonjy ilay ankizivavy ary nanamparany ny filan-dratsiny tao. Rehefa vitany ny nataony dia navelany nandeha. Nony tonga tany an-trano io dia nitantara ny nanjo azy. Nametraka fitarainana tany amin' ny mpitandro filaminana avy hatrany ny ray aman-dreniny noho io nanjo an-janany io. Nosamborina ilay rangahy ary taorian'ny famotorana nataon'ny zandary dia natolotra ny Fampanoavana. Nidoboka eny amin'ny fonjaben' i Tsiafahy izy.

R.C

RN2

# Kamiao nitsivalana, tafakatra kilaometra maro ny fitohanana

Fiara be iray no nidaraboka tao amin'ny lalam-pirenena faharoa(RN2), afakomaly alina. Raha ny angombaovao dia teo amin'ny 7km tsy hiditra an'Antsampanana, raha avy any Brickaville, no nisehoan'ny loza. Izany hoe teo amin'ny 128Km tsy ahatongavana any Toamasina. Tafakatra kilaometra maro ny fitohanan'ny fifamoivoizana teny an-toerana, satria nanomboka tamin'ny 12 ora alina ilay tranga no niseho ary tsy nivaha raha tsy efa ny ampitso tolakandro. Sahirana ny rehetra araka izany ary tsy nisy afaka nandeha na ny fiara avy any atsimo na ny avy any atsinanana fa samy tavela avokoa.



Fitohanana teny amin'ny RN2.

**Lalana malama**

Nitohana tanteraka ny fifamoivoizana ary nanao sarotra ny fitadiavana sakafo. Betsaka tamin'ireo mpandeha no tsy niomana akory tamin'izay ho zavatra hatao hanina ary tsy nanampo izay zava-nitranga mihitsy. Tsy maintsy niditra antsehatra ny mpitandro ny filaminana nanao izay fomba nanesorana an'ilay kamiao be. Omaly vao niroso tsikelikely tamin'ny famerenana ny fifamoivoizana ny avy ao amin'ny Zandariamariam-pirenena ary nivaha ihany ny olana. Marihina fa vokatry ny lalana malama tamin'ny rotsakorana tao an-toerana no nahatonga ilay loza. Tsy vao izao ihany koa moa no misy tranga tahaka ity teny amin'ny lalam-pirenena faharoa iny. Ilaina mitandrina hatrany ny rehetra e !

**Deyland**

Mananjary

# Zazalahy 11 taona nanolana ankizikely

Tranga fanolanana iray indray no niseho tany amin' ny fokontany Maromitety, any amin'ny kaominina Marofototra, any amin'ny distrikan'i Mananjary. Tamin' ity indray mitoraka ity dia ankizy ihany no nanao izany fihetsika mamoehatra izany tamin'ny ankizy. Zazavavikely 8 taona no voaolana ary zazalahikely 10 taona no voarohirohy ho tompon' antoka tamin'izany, ary efa voasambotry ny polisy any Mananjary ny alarobia lasa teo izy. Raha vao nahafantatra ny mikasika ny fanolanana nahazo an-janany ny renim-pianakaviana iray dia tsy niandry ela fa nitondra ny raharaha teo anivon'ny manampahefana. Nandeha nanatona ny biraon'ny polisy tany an-toerana avy hatrany mantsy ilay renin' ilay ankizivavy ary nametraka fitoriana. Nanomboka tamin'io ny famotorana nataon'ny mpitandro filaminana nanoloana ity tranga ity. Nandritra izany no nahafantarana fa ankizilahikely mpiray tanàna amin'izy ireo eo ihany no nanatanteraka ny filan-dratsiny tamin'ity ankizivavikely ity. Nosamborina ilay voarohirohy taorian'izay. Tetsy andaniny dia efa nentina namonjy tobim-pahasalamana ilay zazavavy ka voamarina tamin'ny alalan'izany fa tena voaolana tokoa izy. Rehefa vita ny fakana am-bavany eo anivon'ny mpitandro filaminana dia natolotra ny fampanoavana ny raharaha. Arahi-maso ara-pitsarana ilay ankizilahy mandrapahatonga ny fotoam-pitsarana.



Ilay voasambotra.

T.H

Mananara Avaratra

# Tovolahy 21 taona maty nananton-tena

Hatairana ny an'ny renin'ity tovolahy ity raha vao niditra ny trano , nahita ny an-janany nihantona tamin'ny tady teo afovoan-trano. Novonjeny haingana kanefa rehefa nozahana dia efa tsy nisy aina intsony. Tao amin'ny tanàna antsoina hoe Fanorahana, kaominina Vanono, distrikan'i Mananara Avaratra, no nitrangan'izany ny talata lasa teo. Raha ny fanazavana azo dia izy irery no tao an-trano tamin'io fa nisy nalehan'ilay reniny. Tamin'izay indrindra anefa no nanatanterahany ny fikasany ny hamono tena tamin'ny alalan'ny fanantonany tenany tamin'ny tady. Tokony ho iraika amby roapolo taona eo moa ity tovolahy ity. Nampandre ny manodidina haingana ilay reniny ka gaga avokoa ny rehetra raha nahita sy nandre ny zava- nitranga. Nantsoina ihany koa ny mpitandro filaminana, izay tonga nanao ny fizahana ny razana teny an-toerana niaraka tamin'ny mpitsabo. Tsy mbola fantatra mazava moa izay tena antony nahatonga ity tovolahy ity hamono tena fa tombanana ho mety ho nanana olana ara-pitiavana izy. Tena mbola tanora vao erotrerony tokoa anefa ilay tovolahy. Efa mandeha ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana.

R.C

Amboasary Atsimo

# Jiolahy mpanafika fiara voasambotry ny miaramila

Voalaza ho tomponantoka tamin'ny fanafihana fiara amin'ny lalana mampitohy an' Andalamahitsy sy ny kaomina Tranomaro , ao anatin' ny distrikan'Amboasary Atsimo, ity jiolahy fantatra amin'ny anarana hoe Menandily ity, izay voasambotry ny miaramila ny faran'ny herinandro lasa teo. Araka ny fanazavana dia nisy ny fitarainana voarain'ny miaramila mikasika ny tranga tsy fandriam-pahalemana eo amin'io ampahan-dalana io. Nanoloana izany dia nandray ny andraikiny avy hatrany ny avy ao amin'ny Fari-piarovana sy filaminana Mandrare ka izao nahatratrarana ity jiolahy ity izao. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ireo namany sy ny mpiray tsikombakomba aminy. Natolotra ny zandary ao Amboasary Atsimo avy hatrany moa izy mba hatao fanadihadiana ary hatolotra ny Fitsarana. Raha ny fanazavana hatrany dia efa matetika itrangan'ny fanafihana eo amin'io toerana voalaza io ka antony nampitaraina ireo mpampiasa lalana. Manao andiany hatrany ireo jiolahy rehefa manafika sady miaraka amin'ny fitaovam-piadiana. Tonga dia sakanany ny fiara ary rahonany ireo mpandeha mba hanome azy izay tadiaviny.

R.C

## TATSY SY TAROA

**# Saron'ny mpitandro filaminana ireo andiam-behivavy mpivarotra rongony** ao Mahabo-Menabe ny faran'ny herinandro teo. Nahazo vaovao ny zandary fa misy olona manao antom-pivelomana amin'ny fivarotana rongony ao an-toerana. Nidina ifotony nanao fisavana avy hatrany ny zandary ka tratra avokoa ireo mpivarotra miaraka amin'ny entana namidiny. Vehivavy avokoa ireo tratra tamin'izany, ary tonga dia notanana natao famotorana.

**# Gadra manefa sazy any am-ponja ireto roa lahy tratra nangalatra omby** tao Ambalantsotry, kaominina Ambodiamontana, distrikan'i Mandritsara. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa gadra nandositra izy ireo. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana.

**#Olona folo mpamboly sy mpivarotra rongony** no tratehaky ny mpitandro filaminana tao Ambilobe ny herinandro lasa teo. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitrapo no nahafantarana fa misy tambajotra mpamokatra rongony ao an-toerana. Nidina ifotony nijery izany ny zandary ka nahita sahan-drongony tao amin'ny fokontany Mahatsara Ambony, kaominina Anaborano-Ifasy. Rongony 1200 fototra no nongotana sady nodorana. Mbola nahatratrarana voan-drongony milanja 1000 kilao ihany koa tamin'ireto olona ireto nandritra ny fisavana natao.

R.C

Christine Razanamahasoa

# "Tsy izao no nifanarahana tamin'ny tolona natao tamin'ny 15 taona lasa izay"



Mijoro mitondra vahaolana ho an'ny firenena ny Filohan'ny Antenimierampirenena.

Ampamoaka goavana ! Hita ho diso fanantenana tanteraka amin'ny toe-draharaha misy iainan'ny vahoaka sy ny firenena ankehitriny Filohan'ny Antenimierampirenena, Rtoa Christine Razanamahasoa. Nisy ny famoriany ireo mpanao politika sy ny herivelona rehetra teny Tsimbazaza ny sabotsy lasa teo. Nivohitra tamin' izany fa "*tsy izao Madagasikara firenena faran'izay mahantra indrindra erantany izao no nifanarahana tamin'ny nanaovana ny tolona tamin'ny 2009 ka niakarana teny Ambohitsirohitra 15 taona lasa izay*". Nohamafisiny fa tsy izany no nampanantenaina ary misy karazam-pitaka sy saritsarim-pahafahana ihany natao tao anatin'izany. Mbola naveriny indray fa tsy ny rafitra velively no olana eto amin'ny firenena fa ny olona. Eo anatrehan'izany rehetra izany dia mijoro ny tenany amin'ny maha olomboafidy avy amin'ny vahoaka azy mampaneno ny lakolosy eo anatrehan'ny zavatra tsy mety. "*Adidy ny miteny ary tsy hanaiky ny hiray tsikombakomba amin'ny tsy fahombiazana sy ny famitahana vahoaka ny tenako*", hoy ihany ny Filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christine. Isan' ny vahaolana narosony ny fiantsoana ireto herivelona ireto hanohana azy handray fanapahan-kevitra. "*Raha mitovy ny maharary antsika dia mila ny fanohanareo rehetra aho amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra*», hoy izy.

**Nihazakazaka**

Hita ho nihazakazaka izay tsy izy ny hetsika notarihindRtoa Christine Razanamahasoa tao anatin'ny fotoana vitsivitsy, satria nisy akony lehibe tamin'ny fanaovana politika teo amin'ny firenena ary nampikoropaka ny mpitondra tato ho ato. Taorian'ny fitsidihana sy ny iraka nataony tany Frantsa farany teo no tena nampisongadina izany. Na ao anatin'ny fitondrana sy mitarika andrimpanjakana aza ny tenany dia vonona hitady vahaolana mikasika ny maharary ny vahoaka. Marihina fa saika tazana nandray anjara tamin'ity fivoriana natao teny Tsimbazaza ny sabotsy lasa teo ity ny ankabeazan'ireo avy amin'ny mpanohitra, ny sendika sy ny fikambanana maro, ary ireo ray amandreny ara-drazana. Fantatra fa mbola hisy ny tohin'ity fihaonana amin'ireo hery politika ity atsy ho atsy. Andrasana moa izay mety ho fihetsiky ny mpitondra fanjakana manoloana izany.

JUDD









Ireo mpandray anjara tamin'ny fivoriana teny Tsimbazaza.

## Marina izany !

### Fitiavan-tanindrazana !

**Efa nanomboka tamin'ny herinandro lasa teo ny fankalazana ny 29 mars 1947, araka ny fandaminana avy amin'ny mpikarakara. Amin'ity taona ity, mankalaza ny faha-77 taonan'io daty manan-tantara io isika. Miteny ho azy ny lohahevitra nofinidin'ny mpikarakara ny fankalazana : "tolom-panafahana, fitiavan-tanindrazana no fototry ny fandrosoana". Raha tamin'izany fotoana, ny ady amin'ny hanafahana an'i Madagasikara tsy ho zanatany frantsay no nijoroan'ireo Malagasy tia tanindrazana, ka nisy tamin'izy ireo nahafoy ny ainy mihitsy. 77 taona aty aoriana, ny ady amin'ny fahantrana indray kosa no atrehin'ny Malagasy handrefesana ny fitiavan-tanindrazana ao aminy. Dia miteny ho azy ny zava-misy ny amin'izany fitiavan-tanindrazana fa toa tsy tompon'ny taniny ny Malagasy maro noho ny ady tany, na dia eo aza ny ezaka samihafa hamerenana ny tany amin'ny tena tompony. Eo amin'ny teny indray, voalaza ao amin'ny lalampanorenana fa ny teny malagasy sy teny frantsay no teny ofisialy eto amin'ny firenena. Raha entina eo amin'ny fiainana andavanandro izany, mibahana sy lasa aloha ny teny frantsay eo amin'ny famolavolana sy ny fanoratana ireo didy aman-dalana ary ny taratasim-panjakana ary manaraka avy eo ny dika amin'ny teny Malagasy. Tarazon'ny fanjanahantany ve sa sanatria fampandeferana ny tenindrazana ? Ahazoana taratra ny lanjan'ny fitiavantanindrazana hatramin'ny nahazoana ny fahaleovantena izany ! Hifidy izay ho solombavambahoaka isika afaka roa volana latsaka kely eo ! Samy miteny io fitiavan-tanindrazana io avokoa ireo mpisehatra eo amin'ny fifidianana. Indrindra indrindra ireo hifaninana ho lasa depioté. Fitiavan-tanindrazana hanala ny vahoaka mpifidy anaty fahantrana ve no voizina sa fitiavan-tanindrazana ho amin'ny tombontsoa manokana ? Ny fitiavan-tanindrazana mantsy no fototry ny fahafahana sy ny fampandrosoana ny firenena !**

Herivonjy RAJAONAH

Fifidianana solombavambahoaka

# Miseho tsikelikely ireo kandidà mpifaninana

Andro vitsy mialoha ny hisokafan'ny fanaterana ny antontan-taratasy eny anivon'ny OVEC dia hita ho miseho tsikelikely amin'izao fotoa izao ireo kandidà hifaninana amin'ny fifidianana solombavambahoaka. Ankoatra ny avy amin'ny antoko mpanohitra dia hita ho miezaka mampahafantatra ny tenany amin'ny alalan'ireo fitovan-serasera misy ihany koa ireo kandidà mahatelo tena. Ho an'ny vovonana manohana ny fitondrana moa dia mbola eo ampiandraisana ny antontan-taratasin'ireo izay mihevitra ny ho kandidà izy ireo. Raha tsiahivina, dia ny faha-28 marsa ho avy izao no hisokatra ny fanaterana izany eny anivon'ny OVEC manerana ny nosy. Ny an'ny mpanohitra moa dia efa iaraha-mahita ny fitetezan'izy ireo faritra amin'ny fanolorany ireo kandidà hisalotra ny anaran'ny vovonana firaisankiana. Tany Toamasina izy ireo vao farany teo. Raha ho an'ny mpandinika dia mety ho maro ireo kandidà avy amin'ny tsy miankina hipoitra amin'ity fifidianana izay hatao ny faha-29 mey ho avy izao ity. Ho sarotsarotra ihany mantsy ny sivana hahafahana miditra eny anivon'ireny antoko vaventy ireny ka ho maro ny ho voadingana, kanefa efa vonona foana na inona hitranga eo. Vokatr'izany dia hanao fanambarana hirotsaka amin'ny anaran'ny tenany manokana izy ireo. Andrasana ihany koa ny fahamaroan'ny kandidà andriambavilanitra izay efa nanaovan'ny mpitondra fanentanana nandritra ny fankalazan'ny andron'ny 8 marsa lasa teo. Ankoatra ireo rehetra ireo ny kandidà avy amin'ireo antoko madinika vitsivitsy. Hafotaka indray araka izany ny adihevitra politika sy ny fandresena lahatra ny vahoaka mandrapaha-vitan'ity fifidianana depiote ity.

JUDD

Firosoana amin'ny fifidianana depiote

# Nanome toromarika ireo tomponandraikitra any amin'ny faritra Melaky ny Praiminisitra

Roa volana mahery mialoha ny daty voatondro hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka, manomboka mitety faritra entina mampahafantatra ny toromarika avy amin'ny fitondam-panjakana mifandraika amin'izany hazakazaka ho eny Tsimbazaza izany ny govenemanta tarihin'ny Praiminisitra Ntsay Christian. Natomboka tany amin'ny faritra Melaky, ao amin'ny faritanin'i Mahajanga izany fidinana ifotony izany ny faran'ny herinandro teo, ka ankoatra ireo tomponandraikitra maro samihafa any an-toerana dia nantsoina nanatrika izany ihany koa ireo olomboafidy sy olomboatendry. Miainga amin'ny loharanom-baovao ofisialy dia nentanina hanao ny asany araka ny lalàna ao anatin'ny fanajana ny fahamarinana sy ny fangaraharahana mba hisorohana ny disadisam-pifidianana sy mba hanatanterahana fifidianana demokratika ireo sokajin'olona samihafa ireo. Etsy andanin'izany, isan'ny nifampiresahana nandritra ny fivoriana ihany koa ny politika ankapoben'ny fanjakana, izay nisarihan'ny Praiminisitra ny sain'ireo tomponandraikitra samihafa ireo hanatanterahana ny lamina rehetra efa voafaritra mba hanatrarana ny tanjona lehibe telo. Tafiditra tao anatin'izany ihany koa ny fijerena vahaolana amin'ireo zava-manahirana maro mampikaikaika ny vahoaka amin'ny andavanandro, toy ny fidangan'ny vidim-piainana sy ny olan'ny jiro sy rano ary ny tsy fandriam-pahalemana na an-tanan-dehibe na any ambanivohitra. Mikasika ity farany, nisy mihitsy ny fivoriana manokana niarahan'ny lehibe'ny governemanta tamin'ireo tomponandraikitry ny fandriam-pahalemana, fantatry ny maro amin'ny hoe OMC, tao amin'ny faritra Melaky. Araka ny fampitam-baovao avy eo anivon'ny primatiora dia maro ny toromarika nomena nandritra izany mba handavorariana ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana ao anatin'ny fotoana fohy. Momba ilay olan'ny jiro sy rano indray, nanome toromarika ireo tomponandraikitra eo anivon'ny JIRAMA tany Morafenobe ny Praiminisitra Ntsay Christian ny amin'ny hampitomboana ny ora fandehanan'ny herinaratra any an-toerana. Farany, mikasika ny fidangan'ny vidim-piainana dia nanome baiko amin'ny tokony hijerena akaiky ny vidin'entana any an-toerana io laharana voalohany eny Mahazoarivo io.

**Mamy R.**



**Nandritra ny fihaonana teo amin'ireo tomponandraikitra any Melaky sy ny Praiminisitra tamin'ny sabotsy teo.**

Fifidianana solombavambahoaka

# Fantatra ireo kandida 11 hitondra ny fanevan'ny Firaisankina ao Toamasina

Andro vitsivitsy mialoha ny datin'ny 27 may hisokafan'ny fanaterana antontan-taratasy filatsahan-kofidiana amin'ny fifidianana solombavambahoaka, namoaka ny anaran'ireo kandida hitondra ny fanevany any Toamasina ny Firaisankina tamin'ny sabotsy teo. Fantatra tamin'izany fa tsy hanana kandida amin'ireo distrika 08 ao anatin'iny tanànan'ny Betsimisaraka iny io vovonana politika ivondronan'ny Tiako I Madagasikara, Hery Vaovaon'i Madagasikara, Tsara Tahafina, Pro-Siteny ary Antoko Politika Madio io. Miainga amin'ireo anarana nambara tamin'ny fomba ofisialy tany Toamasina tamin'ny faran'ny herinandro teo mantsy dia distrika 11 amin'ny 19 ihany no nanolorana kandida, ka misy amin'izy ireo no efa solombavambahoaka teo aloha sy mbola am-perinasa ankehitriny, misy loholona teo aloha ary misy profesora. Ny fanontaniana mby ao an-tsain'ny olom-pirenena dia hoe tsy manana olona ve ny Firaisankina sa efa resy lahatra ireo mpitarika fa ho lasan'ny adverserany ny vaton'ireo olona any amin'ireo distrika ireo ? Nilaza kosa ny Ing. Marc Ravalomanana, Filoha mpiara-mitantana io vovonana io, fa raha ny fahitany ny zava-misy dia ho zato isan-jato ny fandresen'ireo kandida 11 natolotry ny Firaisankina Toamasina ireo, izay tena zava-dehibe hanatrarana ny tanjona napetraka hatrany am-boalohany dia ny hananana maro an'isa eny Tsimbazaza. Fihodinana faharoa. Nandritra ny fandraisam-pitenenany hatrany, tsikaritra ho niditra antsehatra nanao fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana ho an'ireto kandida hitondra ny fanevan'ny Firaisankina amin'ny fifidianana solombavambahoaka ireto Ing. Marc Ravalomanana. "Raisintsika ho fifidianana iankinan'ny hoavin'ny firenena sady fihodinana faharoa tamin'ilay fifidianana filoham-pirenena sarintsariny teo io latsa-bato amin'ny 29 may io. Sainintsika kely anie hoe : inona ny vokatra naterak'iny fifidianana tamin'ny 16 novambra iny? Mba niova ve ny fiainana? Mba milamina ve ny tanana ary aiza ho aiza ny firenena amin'izao fotoana izao. Mbola mahatonga antsika mametraka izany fanontaniana izany ny tsy fisian'ny fahamarinan-toeran'ny fanjakana. Tsy misy na inona na inona hiova eto ary tsy handeha mihitsy ny fampandrosoana ity fienena ity. Koa izao, miantso anareo izahay, ndao hiray hina isika rehetra hanao ny fomba rehetra hampandany ireo kandida natolotray ireo. Aza matahotra ianareo fa hamboarintsika ny lalana aty Toamasina ary tsy hataontsika ambanin-javatra ihany koa ny fianaran'ny ankizy", hoy Ing. Marc Ravalomanana tamin'izany.

**Mamy R.**



**Ireo kandida hitondra ny anaran'ny Vovonana Firaisankina any Toamasina.**




## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Mbike

# Namorona bisikileta vita malagasy



Toy izao ny endrik'ilay bisikileta vita gasy rehefa entina.



Efa mahafehy ny fanamboarana azy ity ireo mpiara-miasa ao amin'ny Mbike.

Fialambolin'i Stéphane, mpamorona ny Mbike, ny bisikileta. Navadiny ho asa fitadiavam-bola izany taty aoriana rehefa hitany fa azo trandrahina tsara eto. Efa 10 taona lasa izay no nisy ny Mbike fa tamin'ny 2023 kosa vao nanapa-kevitra izy fa hamorona sy hanamboatra bisikileta manaraka ny fenitra ary mamaly ny filan'ny olona. Nisy ihany koa ireny Covid ireny, araka ny filazany, ka nanosika azy hanao zavatra tsara. Tany am-boalohany dia nataony ho an'ireo tantsaha ilay izy, satria sady azo itondrana entana no mahazaka olona telo. Mety amin'ny lalana rehetra eto ihany koa. Araka ny fanazavan'i Stéphane dia *"250 kg ny vesatra azon'ity bisikileta nantsoina hoe "long tail" ity entina, ary azo itondrana olona telo. Na gony na atody na kisoa samy azony entina avokoa. Raha ny asa vitany sy ny kalitaony dia azo lazaina fa mora, satria 1 200 000Ar ny vidiny. Mba hahafahan'ny olona misitraka azy io dida azo aloa tsikelikely, izany hoe manomboka amin'ny 30 000Ar isam-bolana ny vidiny.* » 35 mianadahy no miara-miasa manangana azy io.

**Vita malagasy**

Raha ny mikasika an'ilay bisikileta kosa, teknisianina malagasy no miaraka miasa amin'ny fanaovana ny sary sy ny maodely. Vita amin'ny vy amin'ilay tsara kalitao sy mafy fa tsy aluminium ilay izy. Efa manana ny ekipa matihanina manao ny asa rehetra i Mbike ka manomboka amin'ny fanamafisana na ny fanefena ny "cadre" izany, mba hahafahana miantoka ny tanjany. Eo ihany koa ny mpandoko, ka nofidina ny loko "thermo-laquée" mba hiarovana azy amin'ny harafesina sy mba tsy ho mora kiaka. Ny pitsopitsony rehetra kosa tsy maintsy hafarana, satria tsy mbola mamokatra kodiarana isika eto, ohatra. Tombony betsaka amin'ny fampiasana ity bisikileta ity ihany koa ny fialana amin'ny fitohanana, izay iarahamahalala fa sakana amin'ny fampandrosoana. Tsy mandoto tontolo iainana ihany koa kanefa sady fanatanjahantena vita ho azy ny fitondrana azy ary mety ho amin' ny fahasalamana. Hatramin' ny namokarany dia nahavita mamokatra hatrany amin'ny 100 bisikileta ny Mbike. Tsy mbola maharaka anefa na ny fitaovana na ny hoentimanana hatreto. Tsy eto Antananarivo sy ny manodidina ihany koa anefa ny mpanjifa fa hatrany Sava, Ste Marie rehetra iny. Ankoatra an'izay, manamboatra « remorque » ihany koa sady mivarotra bisikileta vita vahiny.

Fikajiana ny tontolo iainana

Ao anatin'ny tontolon'ny bisikileta izay, maromaro ny tolotra omen'ny Mbike, toy ny fanofana bisikileta na ny tolotra hahafahana mankafy natiora miaraka amin'izy ireo. Misy ho an'ny fianakaviana rehetra na ny bisikileta na ny tolotra ary tsy hadinoina fa tanjona ny fikajiana ny tontolo iainana sady mahazo fahasalamana. Ankoatra an'izay, manao tolotra fanaterana entana ihany koa ny Mbike, asa izay efa nataony nandritra ny fotoana maharitra. Eny Ambatobe no ahitana ny magazain'izy ireo, fa eo Ankorondrano kosa ny ozinina. Raha oharina amin' ny vidin'ny bisikileta any Eropa, mora lavitra kanefa sady misy antoka hatrany amin'ny 10 taona ny "cadre" an'izy ireo. Azo ampiana tosika amin'ilay elektrika ireny ihany koa ny bisikileta, satria be fiakarana eto. Somary manatombo kokoa anefa ny mason-karena amin'izay. "Mbola miezaka manatsara hatrany izahay ho fanomezana fahafahampo ny mpanjifa", hoy i Stéphane namarana ny resany.


**Nath**

Fotoam-pahavaratra

# Efa madiva hifarana, mbola misy andro ratsy arahimaso anefa

Araka ny fanazavan'i Rivo Randrianarison , lehiben'ny sampandraharaha famantarana ny mety ho toetry ny andro, efa tamin'ny faran'ny volana febroary no nanao veloma antsika ny fotoam-pahavaratra. Ny zavona ihany koa efa misy ary efa manomboka mora maizina ny andro amin'ny hariva. Efa tamin'ny 20 martsa teo raha ny ara-astronomia mirona mankany amin'ny faran'ny fahavaratra isika. Amin'ny faran'ny volana aprily anefa vao mifarana ny fotoanan'ny rivodoza. « Efa mihena ny rotsak'orana amin'ny faritra maro amin'izao fotoana izao. Misy faritra andro ratsy arahimaso ao amin'ny tapany avaratry ny Nosy ankehitriny. Mbola tsy fantatra anefa na hanantona antsika izy io na ny Nosy rahavavy. » hoy i Rivo Randrianarison. Ato anatin'ny telo andro, tombanana hanorana miatoato hatrany ny morontsiraka Atsinanan'ny Nosy manomboka any SAVA hatrany Taolagnaro. Handrahona mety harahina erika manify ihany koa ny ilany Atsinanan'ny afovoan-tany sy ny atitany Atsinanan'ny Nosy. Hibahan-toerana kokoa ny masoandro any amin'ny faritra hafa. Vinavinaina hitoetra hatrany ny orana miatoato any amin'ny morontsiraka Atsinanan'ny
Nosy manomboka any Vohemar hatrany Taolagnaro amin'ny tolakandro. Mbola handrahona mety harahin'erika ihany koa ny ilany Atsinanan'ny afovoan-tany sy ny atitany Atsinanan'i Madagascar. Mety hanorana tandrifindrahona mahalana indrindra ny alina any Melaky sy Miandrivazo. Ho maina kosa ny andro amin'ny faritra hafa.

**Nath**




Fitantanana maharitra ny rano

# Nanamafy ny fanohanany ireo mpiara-miombona antoka

Tontosa tany Morondava, renivohitry ny faritra Menabe, tamin'ny zoma lasa teo ny fanamarihana nasionaly ny andro maneran-tany ho an'ny rano. « Vonona hatrany ny mpiara-miombona antoka ara-tekinika sy ara-bola hanohana an'i Madagasikara amin'ny fikatsahana sy fitantanana ireo loharanon-drano misy mba ho lovainjafy», hoy Ramanarivo Nary avy amin'ny USAID, nisolo tena ireo mpiara-miombona antoka ara-tekinika sy ara-bola eo amin'ny sehatry ny rano eto Madagasikara. Diabe niainga teo amin'ny Paositra ka hatrany amin'ny Aro no nanombohana ny fanamahirana tany an-toerana. Nentina nanao fanentanana amin'ny maha zava-dehibe ny rano sy nampiseho ny ezaka efa vita sy ny fanamby mbola miandry ho fampisitrahana rano fisotro madio ho an'ny mponina izany. Nampifanarahana tamin'ny lohahevitra « Rano antoky ny filaminana », nofidina tamin'ity taona ity avokoa ny fihetsiketsehana natao rehetra, izay nampisongadinana ny anjara asan'ny rano amin'ny fampiroboroboana ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana ary ny fiarahamiasa sy ny fampandrosoana maharitra. « Amin'ny faritra na toerana iray dia mila rano ny sehatra ara-pihariana, dia ny fambolena, ny fiompiana, ny fitaterana, ny angovo, ny fizahantany, sns. Mila rano avokoa. Koa raha tsy voatantana sy tsy voatsinjara araka ny tokony ho izy ny rano dia mety hiady ny mpampiasa azy. Mila apetraka eny ifotony ny rano mba hisian'ny filaminana sy ny fampandrosoana», hoy ny Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana, Ravokatra Fidiniavo, nitarika ny fihetsiketsehana tany Morondava.

**R. Muray**

Adiny iray ho an'ny Tany

# Mila mifanentana amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny tanora

Nifamotoana tetsy amin'ny CC Esca Antanimena ny ankizy sy ny tanora ny sabotsy lasa teo nanamarika ny adiny iray ho an'ny tany. Efa nanomboka tamin'ny 22 ary hifarana ny 26 martsa ny fankalazana. Nisy ny fifanakalozan-kevitra, fanentanana, lalao, fandefasana horonan-tsary, hira sy dihy niarahan'izy rehetra. Mahatsapa ny tanora fa mila mandray andraikitra ho fikajiana ny tontolo iainana ka amin'ny alalan'ny fanentanana no akaiky indrindra hitan'izy ireo. Fikambanana maro no nandray anjara ary samy manana ny tetikasany avy izy rehetra ireo hikajiana io tontolo iainana io. Ny fikambanana tsirairay noho izany no efa nanao hetsika fanentanana nandritra izay fotoana izay ka ho an'ny Antily manokana dia misy ny hetsika fampisehoana horonantsary miresaka fiarovana tontolo iainana natao tany antsekoly. Noezahin'izy ireo naparitaka izany ho fandraisana anjara. Miainga avy amin'ny ankizy sy ny tanora ny ho avy ary izy ireo no ho lasibatra voalohany amin'ny fahapotehina, ka rariny sy hitsiny raha manokana fotoana hanentanana ny namany hiaro ny tontolo iainana izy ireo. Anisan'ny manohana ny tetikasan'ireo tanora ireo ny Unicef amin'ny fanatanteraha na izany. Raha ny atontan'isa nivoaka taorian'ny fanadihadiana nataon'ny U report tamin'ny volana aogositra 2023, izay nifanindrandalana tamin'ny COP 28, dia zara raha misy 1801 amin'ireo tanora 9523, izany hoe 19% no milaza fa nahazo fanentanana mikasika ny fiovan'ny toetrandro eto Madagasikara.




Nisy ny fifampizarana, fanentanana teo amin'ireo tanora ny sabotsy teo.

**Nath**

Nifin'Akanga

# Mahazo vahana ny kolontsaina mikasika fanolanana sy firaisana mamoafady

*Tamin'ny 2022 ka nahitana fa tamin'ireo vehivavy 460 nanontaniana, nilaza ny 68% fa efa niharan'ny fanolanana, ka ny 25 isanjato tamin'ireo nataon'ny olon-tiana, 17,5% nokitikitihana niafara tamin'ny fanolanana na herisetra, ary ny 14% fanolanana nataon'ny fianakaviana akaiky.*



**Maherin'ny 80 isanjaton'ny ray aman-dreny no mifanaraka amin'ny fanolanana ny zanany ho tambin'ny harena omena azy.**

Mpianatra, mpanao gazety, mpikaroka enina mianadahy hita fa mendrika indrindra tamin'ny tetikasa novolavolainy no novatsian'ny fikambanana Nifin'Akanga vola ka nahafahany nikaroka misimisy kokoa. Lohahevitra naroso tamin'izany ny hoe kolontsaina mikasika fanolanana sy firaisana mamoafady. Nisy ny fanadihadiana manokana nataon'ny Nifin'Akanga tamin'ny 2022 ka nahitana fa tamin'ireo vehivavy 460 nanontaniana dia nilaza ny 68% fa efa niharan'ny fanolanana, ka ny 25 isanjato tamin'ireo nataon'ny olon-tiana, 17,5% nokitikitihana niafara tamin'ny fanolanana na herisetra, ary ny 14% fanolanana nataon'ny fianakaviana akaiky. Tamin'ny taona 2020, nahatratra 900 ny trangana fanolanana hita tao amin'ny Centre Vonjy Befelatanana, ary azo antoka fa mbola betsaka lavitra noho ireo no tsy sahy mitaraina sy mitoroka.

**Fahantrana**

Araka ny famelabelarana nataon'i Riana Raymonde, mpanao gazety, nandritra ny fikarohana nataony, dia hita fa ny fahantrana lalina mahazo ny fianakaviana no mahatonga ny ray aman-dreny hanaotao foana. Manery ny zanany vavy hiray ara-nofo amin'ny rainy noho ny fitiavam-bola. Misy ny fifanarahana eo amin'ny ray sy renim-pianakaviana ka mandeha manatona ombiasy na mpitsabo nentim-paharazana. Ireto farany no manery azy ireo hiray amin'ilay zaza virijiny tsy manantsiny ho tambin'ny harena homena azy ireo. Raha nisy 300 ireo nataony fanadihadiana tamin'ny distrika telo dia Antananarivo, Betroka ary Antsohihy dia hita fa maherin'ny 80 isanjato no manaiky fa nisy fifanarahana teo amin'ilay ray aman-dreny amin'ny fanolanana ny zanany. Ny tena loza, ny maro an'isa tamin' ireo nanaiky ireo hita teto Antananarivo. Raha ny tranga misy eny Antohomadinika 3G Hangar sy Andranomanalina, hoy hatrany i Riana Raymonde, dia "*trano hazo no ipetrahan'ny mpianakavy ary tsy misy miafina ny zavatra rehetra. Mijery horonantsary mamoafady ny ray aman-dreny, dia eo ny ankizy miaraka mijery eo. Tandindoni-ndoza ny fiarahamonina satria lasa miray tsikombakomba sy manao teny ierana amin'ireo ombiasy sy mpitsabo nentim-paharazana ny ray aman-dreny mba hahazoana vola kely. Takalony ny fahadiovan'ilay zanaka vavy."*

**Bizutage**

I Cedric Ranjalahy, mpianatra, kosa namaky bantsilana ny zavatra ataon'ireo mpianatra efa zoky lehibe mandritra ireny bizutage ireny. Eo anelanelan'ny volana novambra sy desambra no atao ireny ka tanjona amin'ilay bizutage ny hialana amin'ny hoe mpianatra vaovao sy tranainy. Mba hisian'ny firaisankina, misy ny komity mikarakara ary anisan'ireo mandray anjara. Takonana ny maso ary manararaotra mikitikitika eo daholo ny rehetra saingy tsy afaka manohitra ilay mpianatra vaovao satria tsy misy fantany ny olona mikasika azy. Rehefa natao ny fanadihadiana dia nitaraina ilay zazavavy saingy mba hitandroana ny endrik'ilay fianarana dia vitavita eny ny tantara, tsy nisy tohiny intsony. Ireo zoky anefa manao herisetra ary tsy mijanona eo ny tantara, satria rehefa lehibe ireo niharany dia anjarany indray avy eo no manao bizutage amin'ireo mpianatra vaovao. Misy maka horonantsary ihany koa anefa ireny bizutage ireny ary aparitaka any anaty FB sy tambajotran-tserasetra izany. Ny fampianarana ihany no vahaolana sy ny fanentanana ary tokony hampahafantarina fa zavadoza izy io, hoy i Cedric Ranjalahy.

Santionany ihany ireo fa anisan'ny tanjona amin'ireo fanadihadiana rehetra ireo ny hanentana ny olona hitoroka raha sendra misy trangana fanolanana, miantso ny fitondram-panjakana handray andraikitra ary indrindra hanome lanja ny fikarohana toy izao mba hikaroham-bahaolana matotra hanatsarana ny fiarahamonina. Efa hatrany amin'ny andron'ny faha mpanjaka Radama mantsy no efa nanjaka teto amintsika ity kolontsaina ity. Ny tena loza dia mihamahazo vahana, saingy toa minia mikipy ny ankamaroan'ny olona. Izany indrindra no hanairan'ny Nifin'Akanga ny ambaratongam-pahefana rehetra handray izay tandrify azy.

Minisitra Haingo Nambinina

# Nitsidika sy nanome fitaovana ny fikambanana AFFD



**Rtoa Minisitry ny mponina nanolotra fampitaovana an'ireo ankizy kamboty.**

Ny "Association des Filles et Femmes en Détresse", na AFFD, dia ivon-toerana mandray an-tanana ireo vehivavy niharan'ny herisetra sy niharan'ny fanolanana. Ampiofanina mahakasika ny asa tanana izy ireo hahafahany miarina ka afaka mizaka tena eo amin' ny seha-pihariana. Nitsidika azy ireo ny Minisitry ny Mponina ka nankahery azy ireo sy nanentana azy amin'ny alalan'ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana hisorohana ny vohoka aloha loatra. Notolorana fitaovana toy ny kidoro, lamba firakotra, milina fanjairana, siny ary zinga izy ireo. Ny asa atao an-kira hono toa vita tsy natao ka izany indrindra no nahatonga ny Minisitry ny Mponina nitsidika ny ivon-toerana Mozika Manova Fiai-nana, izay miahy sy manabe ireo ankizy tsy misy mpiahy. Ankoatra ny fanabeazana ireo ankizy amin' ny lafiny mozika dia ampiana ihany koa izy ireo amin'ny lafiny maha olona. Notoloran-dRtoa Minisitra Haingo Nambinina fanampiana izy ireo sady nanentana azy ireo izy mba hanohy ny fitiavana ny kanto ka hanandratra izany ho reharehan'ny firenena.

**Ankizy kamboty**

Ankoantra izay dia mbola nitsidika ny ivon-toerana "Terreaux de l'espoir" tao amin'ny fokontany Tsarafiraisana, ny Minisitry ny Mponina. Ity ivon-toerana ity dia itaizana sy anabeazana ireo ankizy kamboty sy tsy misy mpiahy. Nitondra fanampiana toy ny bodofotsy, ronono, siny ary lafarinina ho an'ity ivon-toerana ity ny Minisitry ny Mponina ary nanentana ireo ankizy mahakasika ny zo tokony hositrahiny. Anisan' ny andry iray lehibe napetraky ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ny fiahiana ny maha olona. Tonga nitsidika sy nitafa tamin'ireo mponina ao Antsirabe ny Minisitry ny Mponina, notronon'ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fampiofanana araka asa. Nitondra tolotanana izy ireo ka nisitraka izany ireo zokiolona, ireo olona manana fahasembanana, ireo fikambanambehivavy, ireo olona tena marefo ara-pivelomana. Milina fanjaraina kosa no natolotra ho an'ny "Centre de Promotion Socio-Économique" (CPSE) izay mampiofana ireo tanora amin'ny seha-pihariana isankarazany.

**Heriniaina A.**

Samy...

### Mihemotra !

Raha mampikaikaika ny maro ny toetry ny làlana eto an-dRenivohitra, resaka isika samy isika ihany, mihemotra amin'ny taona ho avy vao hiasa ilay fitaterana an-dalamby an-tanan-dehibe nokasaina hanampy ny maro amin'ny fivezivezena. Anton'izany, araka ny fanazavana, dia noho ny fepetra ara-tontolo iainana, satria kasaina handeha amin'ny herinaratra ny fiarandalamby ! Tsy mahagaga izany eo amin'ny fanaovan-draharaha raha toa ka tsy nanaovana laza masaka ilay izy teny am-piaingana. Dia miandry aloha izany fa Gasy amin'io raharaha io, araka ny fiteny fandre matetika ! Nambaran'ny vokatry ny fanadihadiana nataon'ny Banky Iraisam-pirenena fa faha-20 alohan'ny laharana farany amin'ireo firenena 143 nanaovana fanadihadiana i Madagasikara eo amin'ny atao hoe fahasambarana. Asa moa raha fifanandrifianjavatra na ahoana, resaka isika samy isika ihany, fa eo amin'ny fotoana hametrahana ny fanamby Madagasikara tsy maintsy mandroso no nivoaka ilay vokatry ny fanadihadiana ! Na izany na tsy izany, raha nambara fa hisondrotra ny karama farany ambany amin'ity volana ity, toa mihazakazaka sahady ny fiakaran'ny vidin-javatra eny an-tsena, resaka isika samy isika ihany, hany ka mihemotra sy marefo ny fahefa-mividin'ny vahoaka mpanjifa. Dia toa mihemotra ihany koa ny tsy fandriam-pahalemana, resaka isika samy isika ihany, eo anatrehan'ny asan-jiolahy sy ny herisetra samihafa mitombo izay tsy izy sy mahazo vahana ankehitriny ! Soa aloha fa efa mihetsika ny mpitandro filaminana fa tsy mba mihemotra izany hiaro ny olona sy ny fananany !

Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

...isika

Rugby - XXL TOP12

# Nomontsanin'ny COSFA 63 no ho 18 ny USCAR

Tamin'ny isa mavesatra 63 no ho 18 omaly no nandavoan'ny COSFA an-dry zareo USCAR, tafiditra amin'ny andro voalohany amin'ny fifaninanana "XXL TOP12", taranja Rugby. Nanjakan'ny Miaramila tanteraka ity fihaonana ity. Miteny ho zy ny elanelan'isa teny amin'ny tabilao teo amin'ny fiafaran'ny lalao. Mbola nampiseho ny maha-sangany azy sy ny fahavononana handrombaka ity fifaninanana TOP12 ity ny COSFA raha ny hita tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka omaly. Talohan'io dia resin'ny TAM tamin'ny isa 23 no ho 13 ny USA. Teo amin'ny fizaram-potoana voalohany dia nanjakan'Anosibe tanteraka ny lalao. Nieritreritra ny rehetra fa ho lanin'ny TAM mora foana ireto mpifanandrina aminy ireto teo amin'ny fizaram-potoana faharoa, saingy nanova tetikady ry Maitsokely ary niezaka nanosika, saingy tsy ampy nahazoany fandresena izany, ary dia io niondrika tamin'ny isa 13 no ho 23 izy ireo. Teo amin'ny lalao voalohany koa, lavon'ny STM, tamin'ny isa 28 no ho 22 ny 3FB. Niady ity lalao ity saingy ny ekipan'ny Savonnerie teto no nahery. Nanokafana ity fifaninanana TOP12 ity, ny lalao fitsapana ny Makis latsaky ny 20 taona, izay lavon'ny CEA, tamin'ny isa 48 no ho 30. Andrasana ny tohin'ny fifaninanana, ka hiditra an-tsehatra indray ireo klioba mbola tsy niatrika iny andro omaly iny, toa andry Manjakaray, TFA sy ireo hafa, izay betsaka tokoa ny miandry ny fisehoany amin'ity taom-pilalaovana ity.

**Rabenaivo**

Lalao Afrikanina andiany faha-13

# Tany amin'ny laharana faha-15 i Madagasikara

Nikatona ny faran'ny herinandro teo tatsy Accra Ghana, ny andiany faha-13 amin'ny Lalao Afrikanina. Teo amin'ny filaharana faha-15 no nisy an'i Madagasikara, izay nahazo medaly 15 ka ny 4 tamin'izany volamena, 4 medaly volafotsy ary 7 medaly alimo. Nisy fihemorana ihany izany raha mitaha ny tamin'ny andiany faha-12, satria dia tafiditra tao anatin'ny TOP10 isika tamin'izay. Samy mandray anatra sy lesona tamin'izany vokatra izany ny rehetra, miainga any amin'ny mpitondra fanjakana, Ministeran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, ny federasiona, ny teknisiana ary ny atleta. Naninona tokoa moa isika no lasa nihemotra kanefa dia azo natao tsara ny nandroso noho ny tamin'ny tany aloha. Tokony hahalasa saina ihany ny hoe i Maorisy aza dia lasa tany alohantsika tamin'ity, izay nahazo medaly 25 ka ny 9 tamin'izany dia medaly volamena, 5 volafotsy ary 11 ny alimo. Midika izany fa miezaka sy mivoatra ny firenena hafa ka mila mihetsiketsika isika, ary tsy ny fandraisana anjara intsony no zava-dehibe fa ny fandresena. Mbola sarotra tokoa aloha ny hahatratra an'i Ejypta, izay nibata ny laharana voalohany tamin'ity andiany faha-13 ity, izay nahazo medaly miisa 187 ka ny 99 tamin'izany no volamena avokoa, miampy medaly volafotsy 46 sy alimo 42. Teo amin'ny laharana faha-2 i Nizeria, izay nahazo medaly 121(47or – 33ar- 41br). Faha-3 Afrika tsimo, nahazo medaly 106(32or-32ar-42br). Ny hanamboarana kely ny saina fotsiny dia mba resintsika i Kamerona, laharana faha-17(3or-13ar-14br) sy RDC , laharana faha-19(2or-7ar-9br).



Niady mafy ireto delegasiona malagasy ireto saingy tsy tafiditra tao anatin'ny TOP10 aloha tamin'ity.

*Nihemotra ny toerana nisy antsika raha mitaha ny tamin'ny andiany faha-12.*

**Rabenaivo**

Kitra - Lalao ara-pirahalahiana

# Hifandona amin'i Rwanda anio ny Barea

Hiditra amin'ny andro faharoa anio etsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina, ilay lalao ara-pirahalahiana handraisan'ny ekipam-pirenena malagasy anjara, eo amin'ny taranja baolina kitra. Raha ny fandaharan-dalao efa voalahatra dia ny ekipam-pirenen'i Rwanda indray no hifanandrina aminy, lalao hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro. Miandry izay hafitsoky ny Barea indray ireo mpankafy ity ekipam-pirenena malagasy ity. Betsaka ny hevitra mifamezivezy eny anatin'ny tambajotran-tserasera eny. Raha hiverenana dia nivoaka ho mpandresy, tamin'ny isa 1 no ho 0 izy ireo tamin'ny zoma lasa teo, rehefa nifandona tamin'ny ekipam-pirenen'i Burundi. Baolina tafidi-dRaveloson Rayan taty min'ny fizarampotoana voalohany. Nanana herijika hampitomboana ny isa ihany ny mpilalaontsika saingy tsy nety tafiditra tany anaty haraton'ny mpiandry tsatokazon-dry zareo Rwandais izany. Ankilany, tsy nijery na niandry fotsiny hovolosana ny mpifandrina fa tena nanao baolina sy nanafika ihany koa izy ireo. Nisy baolina maromaro ihany koa tokony ho tafidiny fa tsy mbola nitsiky ho azy ireo aloha izany. Taorian'iny, tao ny nilaza fa efa misy azo raisina ny endri-dalao nasehon'ny Barea. Ny hafa kosa dia nahita fa mbola betsaka ny lesoka ka mila arenina haingana, satria dia ekipa mafy no hidona amintsika atsy ho atsy, tafiditra amin'ny fifanintsanana hiakarana any amin'ny "Mondial 2026". Antenaina fa efa voarain'ny mpanazatra Romuald Rakotondrabe avokoa izy ireny, izay tsiahivina, fa natao hitsapana ireo mpilalao hiatrika izany lalao goavana izany ity lalao arapirahalahiana ity, ka tokony ho samy tony sy hankafy ny Barea ny rehetra.



Miandry izay hafitsok'izy ireto indray anio ny mpankafy.

*Mialoha io kosa amin'ny 1ora, hihaona i Botswana sy Burundi.*

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Taorian'ny SMATCHIN, ho avy afaka herinandro mahery kely ihany koa ny AL STEP, fifaninanana natokana ho an'ny mpianatra eny anivon'ny Lisea eto Analamanga, ho an'ny taranja basketball.


### Mpikaramanady !

Mazava ho azy fa tsy manana toerana anatin'ny fifaninanana ireo tsy mpianatra eny amin'ireo Lisea amin'ity ary tena ho hentitra amin'ny fanaraha-maso ny mpikarakara. Sazy henjana ihany koa ny miandry na ho an'ilay mpilalao na ny sekoly tratra nampilalao mpikaramanady. Antenaina fa tsy hitranga intsony ny toe-javatra toy izany, izay tsy mitondra vokatra tsara fa manome endrika ratsy antsika hatrany. Betsaka ny miezaka mikaroka fomba na hetsika toy ny ataon'ny ligin'Analamanga ho an'ny taranja basketball toy izao, izay mikatsaka hatrany ny hampandrosoana ilay taranja, saingy misy hatrany ny zatra ny lalandririnina ka ny fomba ratsy hatrany no tonga ao anatin'ny saina, dia ilay hanao ny fomba rehetra handrombahana ny anaram-boninahitra, amin'ny alalan'ny fampiasana olona tsy tokony handray anjara. Mba aoka re izay fa efa anatin'ny fandrosoana isika e, ka mba hilaozana amin'izay ity fomba ratsy mamoehatra ity, izay tsy hitondra fampandrosoana velively. Tsy mba mahafinaritra ve ny mahita ankizy anatin'ilay sokajin-taona na ireo samy mpianatra anatin'ny sekoly natokana handray anjara, mifaninana e! Toy izay nibata amboara kanefa hanaovan'ny olona fanamarihana hoe " raha tsy nampilalao mersenera iny sekoly iny tsy nandresy anay".

**Rabenaivo**

"Kiala mena"

# Namondrona ireo mpisehatra amin'ny fadimbolana



Nahaliana ireo vehivavy, eny fa na ireo lehilahy koa aza, ny nitsidika ireo tranoeva sy naka torohevitra tao anatin'ny fampirantiana.

Tontosa tamin'ny sabotsy lasa teo, tao amin'ny IKM Antsahavola, ny hetsika « Kiala Mena ». Natokana mba hiresahana momba ny tontolon'ny fadimbolan'ny vehivavy, izay nandraisan'ny ONG sy fikambanana ary orinasa maro misehatra amin'ny fivarotana kojakoja ilaina amin'ny fikarakarana ny fadimbolana anjara. « Mifantoka tanteraka amin'ny fadimbolana ny hetsika amin'ity anio ity. Resahina eto avokoa ny momba ny fahadiovana, ny aretina mety hiseho, ireo kojakoja na fitaovana ampiasaina, ary ny fandrindrana io fotoana lalovan'ny vehivavy isam-bolana io. Tsy be mpiresaka ary mbola mitovy amin'ny fady ny fadimbolana eto amintsika, kanefa tena tsara ho fantatry ny vehivavy mba hahafahany mikarakara ny fahasalamany», hoy Mirana, tomponandraikitry ny serasera eo anivon'ny ONG « My period station ». Anisan'ny fitaovana tsora sy mora ary tena manampy ny vehivavy amin'ny fandrindrana ny fadimbolany naranty tamin'ity hetsika ity ny « Bracelet menstruel ». Nisy ihany koa ny dokotera niresaka ireo mety ho mpahazo ny vehivavy ao anatin'ny fandimbolany. Ho an'ny ONG « My period station » manokana, izay nahazo fanohanana avy amin'ny Care sy ny AFD (Agence Française de Développement), dia manana vina hanao fanentanana sy fampianarana mikasika ny fadimbolan'ny vehivavy.

**R. Muray**

PASI PASI

Randrianarisoa Francia

# Efa fiainan'izy mianakavy kely ny fanaovana fanatanjahantena

*Fianakaviana tena miavaka no vahinintsika eto amin'ny PASI PASI anio. Ny taranja Handball sy ny Judo no tena nataon'ny Reniny, saingy karate kosa no nataon'izy mirahavavy zanany, ary basketball ny an'ireo zanany kambana mirahalahy.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***R.F :*** Randrianarisoa Francia.
***Gazetiko :*** Firy taona ianao izao dia mbola manao spaoro ve, dia inona ilay spaoro atao ?
***R.F :*** 47 taona. Mbola manao spaoro, « Musculation et Fitness Pour Remise en forme ».
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro (ilay taranja io) ?
***R.F :*** Efa 15 taona izao no nanaovako ireo fitaizam-batana ireo, fa handball sy judo no natao tamin'ny fahatanorana, ireo no nanaovako competition.
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao ? Iza avy, dia manao spaoro daholo ve ?
***R.F :*** 4 ny zanako, ny 2 vavy dia i Jessica Soary sy Ornella, samy manao karaté ao amin'ny klioban'ny ASKA ( Samy efa tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny sokajin-danja misy azy ireo avy). Ny zanako roa lahy kosa, Bradley sy Jeffrey, dia samy manao basketball ao amin'ny klioban'ny JCBA.
***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***R.F :*** Notezaiko sy notaritiko moramora ireo zanako ho tia spaoro. Tamin'ny voalohany somary noterena kely ihany, fa nony avy eo tena latsa-paka tao anatin'izy ireo ny fitiavana spaoro, ary efa lasa fiainany mihitsy.
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
***R.F :*** Ny vavy matoa no efa voantso handrafitra ny ekipam-pirenena, nahazo medaly volamena nandritra ny Lalaon'ny Nosy farany teo. Ny zandriny vavy kosa dia mbola vao anatin'ny hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena sokajy junior.



Eny an-kianja foana no ahitana azy mianakavy kely ireto rehefa misy fifaninanana mandeha eto amin'ny tanàna.

***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanja-hantena izany ny fianakavina ?
***R.F :*** Mahafinaritra be, faly aho hoe tafita tamin'ireo zanako ny hafatra ny amin'ny mahatsara ny spaoro. Fahafinaretana ho ahy ny miara-mikotrana amin'izy ireo ankehitriny. Indray mandeha isan-kerinandro eo izahay 3 vavy mianaka no miara-mikotrana. Tena hoe manala azy araka ny fitenin'ny tanora. Izy mirahavavy moa amin'ny maha atleta azy dia efa manana ny kotrana manokana, fa ny « musculation » no tena iarahanay matetika. Izy mirahalahy mbola vao 12 taona, kambana, dia tsy mbola afaka manaraka loatra ny "rythme" anay 3 vavy fa manaraka moramora eo.
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***R.F :*** Mijery fifaninanana ara-panatanjahantena na taranja inona na inona, na mijery ihany koa karazana match Basket, Handball, volleyball. Zany no tena fialamboly tianay, raha vao misy hetsika ara-panatanjahantena amin'ny faran'ny herinandro dia tsy tara mihitsy izahay, tena fiainanay ilay spaoro.
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***R.F :*** Tsara ny spaoro e, manentana ny ray aman-dreny aho hitaiza ny ankizy amin'ny spaoro fa sady mahatsara ny fahasalamana no tsara hanabeazana ny ankizy ihany koa. Matetika matanja-tsaina ny ankizy tia spaoro. Rehefa ao amin'izy ireo ilay herim-po sy herin-tsaina tsy manaiky resy izay dia tena mahafinaritra be mihitsy. Rehefa miaraka mikotrana dia mifanosika sy mifampahery, dia lasa ampiharina amin'ny fiainana andavanandro koa ilay izy.

**Rabenaivo**

JJB - Mada NO-GI

# 167 ireo atleta hifampikatroka etsy Ankorondrano

Hotanterahina etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano amin'ny 30 martsa ho avy izao, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny taranja Jiu-Jitsu Breziliana NO-GI. Atleta hatramin'ny 167 avy amin'ny klioba 11(Attila, Base, Checkmat, Combat club, Estrela, Freefight Mada, Guerreros, Jjb Esca, One Tribe, Southside, Yoseikan Budo Iarivo) no efa nisoratra anarana handray anjara amin'izany, raha ny nambaran'ny federasiona mpikarakara ny hetsika tamin'ny mpanao gazety omaly tetsy amin'ny dojo RAMA Antohamadinika. Efa niatrika fadanjana voalohany moa ireto mpifaninana ireto nandritra izany ary mbola hisy koa ny fanamarinan-danja amin'ny andron'ny fifaninanana. Tsiahivina fa hanomboka amin'ny 9 ora maraina ny katrokady, izay hanentan'ny federasiona hatrany ny rehetra, indrindra fa ny mpiady, mba hanaraka tsara ny fandaminana efa napetraka. Izao no ho tanteraka, dia teo ireo mpiara-miasa rehetra, izay nanohana ny FMJJ. Anisan'izany ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, ka nahazoana ny kianja mitafon'Ankorondrano, izay mahafeno ny fepetra rehetra hahafahana mikarakara ity hetsika ngezabe ho an'ny federasiona ity. Marihina fa fifaninanam-pirenena tsy manao kimono izy ity, ka anisan'ny hampiavaka sy zava-baovao ny fampiasana ilay « application » mandamina ny « grille de combat » fa tsy ny federasiona. Ankoatra izay, medaly raitra toy ny any amin'ny iraisam-pirenena ireny ihany koa no hozaraina. Misy isa zaraina amin'ity fifaninanana ity ka izay no mahatonga ny fandraisan'ireo sangany anjara, satria dia mikaonty rehefa hivoaka any ivelany izany isa izany. Amin'ny avrily sy may dia mbola misy fifaninanana NO-GI hatrany, fa klioba no mikarakara azy. Nisy fiovana ihany koa ny tamin'ity, hoy hatrany ny teo anivon'ny federasiona, satria dia amin'ny volana jona no hanaovana ilay fifaninanana iraisam-pirena any Abu dhabi.

**Rabenaivo**



Nandritra ny fampahafantaran'ny federasiona ity fifaninanam-pirenena ity tetsy Andohatapenaka ny faran'ny herinandro teo.

Basket - Al Step andiany 1

# Lisea 16 no hiady ny anaram-boninahitra




Hanolo-tanana ny ligy mpikarakara ny eo anivon'ny MEN amin'ity andiany voalohany ity.

Hanomboka amin'ny 3 avrily izao ny fifaninanana "Al Step" andiany voalohany, ho an'ny taranja basketball(5x5). Natokana ho an'ny mpianatra eny anivon'ny Lisea eto Analamanga izy ity, ka ny ligin'Analamanga no mikarakara azy. Nambaran'ny filohany, Hery Andriatsima, fa homena tombony ireo sekoly efa manana fotodrafitrasa amin'ity andiany voalohany ity. 16 no isan'izy ireo ka ho fanakakaizana sy fidinana eny ifotony, ho fanentanana ary fitsirihana ireo talenta eny anivon'ny sekoly no anisan'ny tanjona amin'ny hetsika, tafiditra anatin'ny politikan'ny ligin'Analamanga. Tsy mandeha irery fa dia miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena ny ligy amin'ny nanatanterahana ity hetsika ity. Nambaran'ny solontenany fa hanamora ny fahafahan'ny ligy miditra sy manao ny fanaraha-maso ireo mpilalao eny anivon'ny Lisea no tena hiompanan'ny fiaraha-miasa ary efa vita ny fifanaovan-tsonia teo amin'ny roa tonta. Efa mipetrapetraka ihany koa ny fandaminana ny fitsipika sy ny fizotran'ny fifaninanana, ka nampahafantaran'ny mpanazatra Mémé, miandraikitra ny lafiny ara-teknika fa hozaraina vondrona 4, ahitana ekipa 4 ao anatiny. Hisy fifandonana amin'ny lalao mandroso sy miverina, ka aorian'izany no hamoaka ireo sekoly manohy ny diany miatrika ny dingana famaranana. Misokatra ho an'ny rehetra ny fifaninanana, saingy tsy maintsy mpianatra ara-dalàana ao anatin'ilay Lisea ihany. Afaka milalao avokoa ireo mpilalao manana karapilalaovana saingy na izany aza, hisy ny fanaraha-maso hentitra ataon'ny mpikarakara ary mahazo ny sazy henjana(lamandy 200.000ar) sahaza azy ireo mikiry mampilalao mersenera mandritra izany. Amin'ny 30 martsa no hanaovana ny fivoriana ara-teknika.

**Rabenaivo**

## Sarisary zary tenany

*Ataovy mazava*




## Hatsikana an-tsary

*...toy ny salaka*




## Masoandro Miposaka

**MALAKIA 2 : 5**


**5 Ny fanekeko taminy dia fiainana sy fiadanana; ary nomeko azy ho fahatahorana izany, ka dia natahotra Ahy sy nangovitra teo anatrehan'ny anarako izy.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Nahoana no saro-po an' entana ka ho sola irery ?**

Pourquoi ne voulez-vous pas qu'on vous aide à portez votre fardeau (sur la tête), de sorte que vous seul deviendrez chauve ?

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3205**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | | 5 | 7 | | | | | |
| | | | | | 1 | | 7 | |
| | | | 6 | | 8 | | | |
| 4 | | | | | 2 | | 5 | |
| | | 3 | 1 | | 7 | 9 | 6 | |
| | | | 3 | | | | | |
| 5 | | | | | | | | |
| 7 | | 8 | | | 4 | | 2 | 5 |
| | | 6 | | | | | 4 | |

Valin'ny laharana **3204**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 1 | 4 | 6 | 8 | 2 | 9 | 7 | 5 |
| 2 | 6 | 7 | 9 | 5 | 3 | 1 | 8 | 4 |
| 8 | 9 | 5 | 7 | 4 | 1 | 2 | 6 | 3 |
| 4 | 8 | 1 | 2 | 9 | 7 | 5 | 3 | 6 |
| 9 | 5 | 3 | 1 | 6 | 4 | 8 | 2 | 7 |
| 6 | 7 | 2 | 8 | 3 | 5 | 4 | 1 | 9 |
| 1 | 2 | 6 | 4 | 7 | 9 | 3 | 5 | 8 |
| 5 | 4 | 8 | 3 | 1 | 6 | 7 | 9 | 2 |
| 7 | 3 | 9 | 5 | 2 | 8 | 6 | 4 | 1 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy misy ny kisendrasendra, fa amin'ny atao rehetra dia misy dikany avokoa na ho amin'ny ratsy io na ho amin'ny soa."

**Ny Vetso (13.10.16)**

("Il n'y a pas de hasard, je crois que tout ce qui nous arrive a un sens.")

INSPNMAD Transit et Douanes Ambaranjana

# Mpianatra 132 no nivoaka tamin'ny andiany Finaritra



**Ny andiany "Finaritra" navoaka tetsy amin'ny by-pass ny zoma lasa teo.**

85 mianadahy no nahazo ny diplaôma « DTS en Transit et Douanes », 46 mianadahy kosa no nahazo ny diplaôma "licence en marketing et communication international », na Bacc+3, miampy ankizy iray nahazo ny diplaôma « Droit et technique des affaires » , izay efa tokony nivoaka tany aloha fa noho ny tsy fahasalamana dia nampiarahina tamin'ity andiany « FINARITRA » ity izy, izay navoaka tetsy amin'ny by-pass ny zoma lasa teo. Nambaran'ny Dr Randrianasolo Jean de Dieu, tale ara-pedagojia nasionaly eo anivon'ny INSPNMAD fa misy amin'ireto ankizy nivoka ireto no tonga dia hiditra amin'ny sehatry ny asa. Maro ihany koa anefa no mbola hanohy ny fianarana. Mahakasika izay, manampy ny tanora mitrandraka tetikasa famoronana orinasa ny sekoly, tafiditra anatin'ny « chomage 0 », izay mampiavaka ity sekoly ambony tsy miankina amin'ny fanjakana ity. Betsaka ihany koa anefa ireo orinasa mpiara-miombona antoka aminy sy ny sehatra hfa, toy ny Ambasadin'i Frantsa, izay manampy amin'ny fitarihana ireo mpianatra hahita lalana hizorana raha hisehatra amin'ny asa. Toy izany koa ny Ambasadin'i Etazonia, izay manohana sy miara-miasa amin'ny INSPNMAD. Mampiavaka hatrany ny sekoly ny fanomezana toerana ny ara-panahy sy mifototra amin'ny maha-olona. Ilaina, hoy hatrany ity tomponandraikitra ity, ny fanankinan'ny mpinatra ny fiainany, indrindra fa ny fianarany, amin'Andriamanitra, hahafahany mahazo fahalalana sy fahaizana mora foana. Amin'ny 9 avrily izao indray moa ny fidirana ho an'ny taom-pianarana vaovao.

**Rabenaivo**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 604 - 03 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Voanjobory sy ravim-boatavo

**Zavatra ilaina** : voanjobory lena voavaofy iray kapoaka, ravim-boatavo ½ kilao, voatabiha 2 voatetika, tongolo egypta 2 voatetika, menaka 2 sotro, sira.

**Fomba fikarakarana azy** : ampangotrahina ny rano dia arotsaka ny voanjobory voasasa. Esorina ny kiran' ny ravim-boatavo. Sasana ny ravim-boatavo, kosehina amin'ny tanana dia tetehina. Arotsaka ao amin'ny voanjobory. Asiana sira rehefa malemy ny voanjobory. Endandasina ny voatabiha sy ny tongolo ary ny sira. Afangaro amin' ny voanjobory ny lasaosy.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**

**22 mars au 29 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

Mahazoarivo

# Nahazo tohana ireo fianakaviana may trano



**Fanampiana azon'ireo traboina**

Tokatrano 19 no tsy manankialofana vokatry ny fahamaizan'ny kazerin'ny zandary tetsy Mahazoarivo, tamin'ny zoma lasa teo. Zaza amambehivavy maherin'ny 70 eo ho eo no ravafanana ary tokatrano 3 tamin'ireo no tena potika tanteraka ny entana tao anatiny. Raha hiverenena ny tranga dia nirehitra ny zoma tokony tamin'ny 4 ora sy sasany hariva ny trano "bâtiment PM2" tao amin'ny kazerin'ny zandary "EP1" Mahazoarivo. Tsy fantatra mazava hatreto ny nahatonga ny firehetana fa ny trano efa nirehitra no nanaitra ireo manodidina. Niezaka nanampy nifarimbona tamin'ny famonoana ny afo ihany ny fokonolona saingy tsy nahitam-bokany loatra noho ny herin'ny rivotra. Niitatra hatrany ny loza ka nandoro ireo trano nifanakaiky.

**"BNGRC"**

Tonga teny an-toerana ihany koa ny mpamonjy voina nanampy namoaka ireo entana tao anaty trano,sady namono ny afo. Raha ny angom-baovao dia tsy nisy ny olona namoy ny ainy na ny naratra.Na izany aza tsy maintsy nojerena manokana ireo traboina ka tsy niandry ela ny avy eto anivon'ny amin'ny Birao Nasionaly Misahana ny fitantanana ny Tandindondoza sy ny Loza, raha nahare ity tranga firehetana trano ity fa avy hatrany dia tonga nijery ny fahavoazana. Nidina nanatritra fanampiana ny Tale Jeneralin'ny "BNGRC" sy ny mpiara-miasa aminy. Noho izany dia nahazo vary 25 kilao, Menaka 1 litatra, voamaina 5 kilao, sotro 05 , vilia 05 , koveta 01 , lamba 01, vilany 01, zinga 01, sira 05 fonosana hoan'ny isantokatrano, izay miisa 19 tradoza.

**Deyland**

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# TENY REHETRA TENY

[Sary : Yvon Ram/ Soratra : JUDD]




Mila mitandrina ireo mpampiasa ny lalana eny Andohatapenaka manoloana ity lavaka be ity.



Miteraka fitohanana izay tsy izy ny fisian'izany eny an-toerana.



Isan'ny sakafo mitondra fahasalamana ny voatavo.



Mbola mandeha sy mampiavaka ny any ambanivohitra ny fihinanana ny paraky kisoka.



Zavatra tsy misaraka amin'ny resaka ihany koa ny voan-kafe rehetra eny an-tsena.



Tsy lefy laza amin'ny fomba malagasy ny vako-drazana rehefa misy lanonana.




**Orange** dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo **maison digitale 40** manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny **fahaleovan-tena ara-bola**.

GCL 775/15-10

orange™